Fiainana andavanandro

**Miaka-bidy hatrany ireo sakafo fanjifan'ny vahoaka** 2

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 148), Madagasikara 31 aogositra 2019 5


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 3 septambra 2019 Laharana 948 Vidiny : 400 Ar


Nahazo fahafahana vonjimaika izy 4 mianadahy 3 8

# Ny 16 septambra ny fitsarana ny raharaha angindimby



Finoana 5

# Fantaro ny momba ny Papa François



AMBOHIJANAKA ATSIMONDRANO 4

## Mitsangana ny lisea vaovao herimpon'ny kaominina madiodio




Ny mpanao gazety no manala ny sarona 3

## Fitantanam-pirenena tsy misy mangarahara

Zava-misy any Antsiranana 2

## Havan'ny Praiministra maromaro notendrena ho tompon'andraikitra

STK/ FJKM 3

## Any Fianarantsoa ny fihaonambe nasionaly ny 9-13 oktobra 2019

**Daka kely**

Toa azo amboarimboarina daholo aminareo na voka-pifidianana na voka-panadinana ry Boaikely a !

A.S.I.E.F 2019 Vakinankaratra 6

## Norombahin'ny zandarimaria ny amboaran'ny Volley sy Basket



FIAINAM-PIRENENA

# Manararao-Pape ny fitondrana

Tao anatin'ny efabolana izay dia maro ireo karazan-tsary nanenika ny tanànan'Antananarivo.
Ny Volana Mey dia rakotra ny sarin'ireo mpilatsaka ho fidina depiote ny tanàna, ny volana Jona indray dia ny sarin'Ingahy Paoly Kagame no nameno ny tanàna dia ilay mpitondra nahazo fahefana tamin'ny fampiasankery tany Rwanda, mbola tamin'io volana Jona io ihany koa, nandravaka ny tanàna ny sarin'ireo mpilalao'ny Barean' i Madagasikara nitondra avo ny voninahi-pirenena tany ivelany, ka nahavelombolo ny vahoaka, fa vao herinandro izay no nesorina ny sarin'Ingahy Kagame ary nosoloina ny sarin'ny Pape François, faly ny vahoakan'Antananarivo, nisy mihitsy aza no vaky vava nanao hoe izany ahay ka sarimbahiny mendrika sy manome voninahitra ny tanàna, sady mamerina ny hasin'ny tanàna, satria tokoa olombanona hajain'izao tontolo izao ny Pape, ka ny fahitana ny sariny dia efa mety hampihena ny fahasahian'ireo mpanao ratsy.
Fa ho tonga tsy ho ela ny Pape, efa samy seriny avokoa ireo manana andraikitra amin'ny fandraisana azy, ireo mpitondra moa dia manao izay ho afany amin'ny fanarenana ireo foto-drafitrasa toy ny lalana, ny tanjona ho an'ireo mpitondra ireo dia ny hahatsara endrika azy eo anatrehan'ny fiangonana sy izao tontolo izao, ka miasa mafy ireo mpiserasera miaradia amin' ny fitondrana manamboamboatra ny vaovao mivoaka.
F'ireo mpanohitra indray raha ny tokony ho izy dia tokony mba hanararao-Pape ihany koa, hampahafantatra ny tena zavamisy marina eto amin'ny firenena, kanefa tsy dia rototra amin'izany izy ireo satria fantany fa manana tambazotrantserasera mantanjaka ny any Vatican amin'ny fanangonambaovao, ka na tsy hitatitra sy hanafimbaovao aza ny eto amintsika dia tsy misy miafina aminy ny zavamisy eto.
Ireo vahoaka tsotra dia mampiseho fahavononana tanteraka, ary maro ireo maniry ny hahita-tava sy handray ny tanan'i Pape, satria mety afaka telopolo taona indray vao hisy Pape handalo eto amintsika ka dia tsy maintsy mba manararao-Pape ihany koa.
Ny Pape mandalo ihany, fa ny fiainampirenena mitohy hatrany, tsetsatsetsa tsy aritra no ampahatsiahivana fa fandaharampotoanan'ny Pape efa hatramin'ny fitondrana notarihin'ny Filoha Rajaonarimampianina, ny handalo eto Madagasikara amin' ity taona 2019 ity.

***Ny Valosoa***

**Hafatra avy amin'ny Papa François**
**Mankahery ho amin'ny finoana antsika Malagasy**

Andro vitsy mialohan'ny hahatongavan'ny Papa Ray Masina François eto amintsika, misy sahady ny hafatra nalefany ho antsika Malagasy tsy ankanavaka, nambarany tamin'izany fa ny antony tena hahatongavany eto amintsika dia ny hampahery antsika Malagasy amin'ny finoana.

*Nangonin'Isambilo*

Cari fratelli e sorelle del Madagascar!
Con la grazia di Dio, tra pochi giorni sarò in mezzo a voi! Desidero farvi giungere fin da ora il mio saluto cordiale, insieme al ringraziamento per tutto quello che avete fatto e state facendo per preparare la mia visita. Soprattutto vi ringrazio per la vostra preghiera, sia personale, sia nelle famiglie, sia nelle comunità parrocchiali, come pure negli ospedali e nelle carceri. La preghiera non conosce confini, e quando sarò in Madagascar, anche se potrò visitare solo alcuni luoghi, con la preghiera raggiungerò tutti, e per tutti implorerò la benedizione di Dio.
Cari amici malgasci, il vostro Paese è famoso per le sue bellezze naturali, e per queste diciamo: "Laudato si'!". È nostro dovere custodirle con cura. Ma c'è un'altra bellezza che sta ancora più a cuore di Cristo e al Papa: quella del suo popolo, cioè la vostra santità! Per questo, verrò a confermarvi nella fede e al tempo stesso ad attingere da essa. La Vergine Santa ci ottenga questo dono. Grazie e a presto!

Zava-misy any Antsiranana

# Havan'ny Praiminstra maromaro notendrena ho tompon'andraikitra

Araka ny fanambarana avy amin'ny GTT International Genève dia saika havana sy naman'ny Praiministra Ntsay Christian, sy ny anabaviny Manorohanta Cécile avokoa ankehitriny, ireo tompon'andraikitra sasany any Antsiranana, ao amin'ny Oniversite, any amin'ny polisim-pirenena, ao amin'ny Secren, na ilay orinasa mpanamboatra sambo any avaratry ny Nosy iny,…

***Nangonin'Isambilo***

Avec le retour de Rajoelina au pouvoir, le népotisme gangrène l'Etat à tous les niveaux: le cas d'Antsiranana.

Dans la ville d'Antsiranana (Diégo Suarez), le fief de la famille du PM Ntsay, frère cadet de Cécile Manorohanta. En effet, la population veut dénoncer cette situation où les membres de la famille et les proches du PM jouissent d'une faveur qui ne s'applique guère aux simples fonctionnaires lors de recrutement au sein des instances administratives locales. Résultat: plusieurs postes clé sont occupés par ses proches. Pour preuve, voici quelques faits avérés concernant deux principales administrations :

**Université d'Antsiranana:**
• Nomination comme doyen titulaire de la Faculté DEGS de Mme Dominique Josie VOLARAVO qui n'est autre que sa nièce (fille de MANOROHANTA Cécile), alors qu'elle ne possède même pas les compétences requises. Devant cette irrégularité grave, le doyen sortant compte saisir le Conseil d'Etat. Notons également que Mme MANOROHANTA Cécile était vice-PM en charge de l'Intérieur sous la Transition avant d'être "élue" Présidente de l'Université d'Antsiranana (en 2016).
• "Election" de RATSARAMODY Justin (mars 2019) au poste de Président de l'Université pour succéder à Manorohanta Cécile. Le nouveau Président n'est autre que le beau-père d'un des enfants Ntsay.
• Clercy NTSAY (fils de Christian Ntsay, le PM) occupe le poste de directeur de l'ISAE (Institut Supérieur d'Administration des Entreprises) - Antsiranana (depuis avril 2019).
• Il est à rappeler qu'en en 2016, Manorohanta Cécile a placé son parent proche,un général à la retraite, Adakalo Germain comme directeur administratif et financier de l'Université d'Antsiranana, au grand dam des universitaires.

**La police nationale**
Autre secteur noyauté par la famille et les proches du PM est la police nationale:
• Le commissariat central est dirigé par son frère Ntsay Louis Ignace depuis mars 2019;
• un autre neveu, alors simple stagiaire, est nommé commissaire du premier arrondissement d'Antsiranana, au grand dam des autres fonctionnaires plus anciens et promouvables.

Par ailleurs, d'autres secteurs sont également concernés comme celui de la construction navale où un des frères, Louis Abel Ntsay, ancien président de la Fédération nationale de basket, est le DG de la SECREN depuis l'accession au pouvoir de Rajoelina en 2010.
Au vu des faits précités, la conclusion est claire. Toutes ces nominations sont loin de respecter les règles en vigueur. Ce qui prévaut dans la ville d'Antsiranana est bel et bien du favoritisme, copinage, bref du népotisme à grande échelle qui s'accompagne nécessairement de magouille et de corruption. Diégo Suarez et sa proche région est-elle devenue une propriété privée de la famille Ntsay ?
Une telle pratique est évidemment scandaleuse car il y a une volonté manifeste de verrouiller les emplois de la haute fonction publique locale voire régionale, avec comme conséquence une société figée sans espoir de mobilité sociale qui est l'un des fondements même de la démocratie. C'est aussi un moyen pour faire main basse sur l'argent du peuple malagasy qui, la grande majorité, s'enfonce davantage dans une spirale vertigineuse de la pauvreté.
Le cas dénoncé est celui qui prévaut à Antsiranana mais c'est certainement la réalité dans nombre de régions de la Grande Ile, avec la caution de ceux qui sont au plus haut sommet de l'Etat. Népotisme, copinage, favoritisme, magouille et trafics en tout genre sont la marque de fabrique de ce régime, doit-on le rappeler ?

***GTT Inter Genève***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fiainana andavanandro

# Miaka-bidy hatrany ireo sakafo fanjifan'ny vahoaka

Miharihary fa tsy voafehin'ny fitondrana Rajoelina ny fiakaran'ny vidim-piainana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Misondrotra vao tsy ela izao ny vidi-menaka ary hatrany amin'ny 1000 ariary ny fisondrotany. Efa nidangana rahateo ny vidim-bary, ny arina fandrehitra, ny hena, ny savony; izao indray koa dia misondrotra ny vidin'ny siramamy. Tena aindehiben'ny vahoaka andavanandro ireo, raha tsy hilaza hafa-tsy ireo fotsiny. Miha-sarotra araka izany ny fiainan'ny vahoaka andavanandro amin'izao fotoana izao. Etsy ankilany anefa ny karama tsy misy fiovàny, ny fivelomana voatohintohina mandrakariva amin'ny zava-misy iainan'ny vahoaka. Miharitra ny mafy ny vahoaka amin'izao fotoana izao, ary tsy manantena faravodilanitra mba hihiratra.
Ny tena mandreraka ny saina, dia ilay fitondrana toa tsy maika, tsy mifofotra amin'ny fitadiavam-bahaolana amin'izany, fa variana amin'ny zavatra hafa tsy laharam-pahamehana. Tsy lavina, miasa sy manao zavatra ihany, saingy mivilana ary amin'ny tsy ilain'ny vahoaka maika. Ny an'ny fitondrana izay nahamaika azy, dia nihazakazahany fatratra, fa raha momba ny vahoaka asa milamina izany. Tany ampiandohana anefa dia niseho babany ery, kanefa toy ny "akoho mivoaka maraina, tsy lavitra" ity izy. Marina tokoa ny fitenenana hoe"eny am-pandrasana mahita ny atiny". Dia izao iaraha-mahita sy miaina izao tokoa ny zava-misy.
Raha izao no mitranga, mila manomana saina ny vahoaka ny amin'izay zavatra hiaka-bidy manaraka. Any amin'ny volana desambra sy janoary maitso ahitra angamba, hampiteny ny moana ny vidin-javatra eto amintsika.


***Radafy***

Zandarimariam-pirenena Betroka

# Rongony 10 gony sarona nandritra ny fisafoana tamin'ny alina

Saron'ireo Zandary any Betroka faritra Anôsy nandritra ny fisafoana tamin'ny alina tao Andakana ny rongony 10 gony ny zoma lasa teo. Tratra ihany koa ny rongony 4 gony mahery kely tao Mahatalaky nandritra ny fisavana trano, taorinan'ny vaovao marim-pototra azon'ny Zandary any Betroka. 300 kg ny fitambaran'ireo rongony sarona ireo, raha mbola misy mihoatra ny 10 gony karohina fatratra ankehitriny. Tratra ihany koa ireo enin-dahy mpivarotra sy mpanondrana rongony any an-toerana, raha karohina fatratra ihany koa ireo dimy lahy tafaporitsaka tao Andakana, tafaporitsaka izy ireo rehefa nahatazana ny jiron'ny fiaran'ny Zandary avy lavitra. Nambaran'i CEN Rafanomezana Roby, Commandant Compagnie Betroka, fa tsy maintsy atao ihany koa ny ady amin'ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina, hampisy sy hampanjaka ny fandriampahalemana any an-toerana, omen-danja hoy izy ny fifampiresahana lavitrin'ny fampiasan-kery satria isan'ny paikady ho fametrahana ny fandriampahalemana izany, azo lazaina ho efa miverina rahateo ny fitokisam-bahoaka ny Zandary any an-toerana ary saro-piaro tanteraka amin'ny ezaka ataon'ny Zandrimaria any an-toerana ny Vahoaka.

***Ny Valosoa***



*Ireo rongony sarona tany Betroka.*

Ny Valosoa sy hadihady

# Fitantanam-pirenena tsy misy mangarahara : ny mpanao gazety no manala ny sarona

Mampiseho ny endriny iray nafenimpeniny hatramin'izay ny fitondrana Rajoelina ankehitriny. Raha nodradrainy fa demôkraty ny tenany dia miharihary izao fa toa mifanohitra amin'izany no izy. Tsy misy rahateo izany mpanongam-panjakana toa an-dRajoelina izany ka ho demokraty. Manamafy izay ny zava-misy nitranga ny faran'ny herinandro teo sy miditra amin'izao fiandohan'ny herinandro vaovao izao. Tsy inona izany fa fiantsoana ireo mpanao gazety telo sy ny nanaovana famotorana ary ny nampiakarana azy ireo teny amin'ny Fitsarana. Midika tsotra izao izany, n'inona n'inona hambara na fanazavana, fa fanosihosena ny demôkrasia. Ny fanaovana ny mpanao gazety toy izao, dia maneho ny tsy fisian'ny fahalalahana maneho hevitra na miteny ny zava-misy eto amin'ny firenena. Ary ny vahoaka dia manana zo hahalala ny zava-misy sy mitranga eto amin'ny firenena sy manana zo hahazo vaovao. Raha atao ny tsapan-kevitra na "sondage", ny ankamaroan'ny Malagasy dia hilaza avokoa, fa tsy misy mangarahara amin'ny fitantanampirenena izany eto. Porofo mitohoka amin'ny tendany amin'izany, ohatra, ny momba ny fiarakodian'ny filohan'ny Repoblika, ny niavian'ireo fiara mifono vy maro avy ivelany, raha tsy hilaza hafa-tsy ireo. Hitan'ny mpanao gazety ny nitranga teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Azo inoana marimarina, fa tsy nivoaka io vaovao io raha tsy nisy mpanao gazety niresaka azy, izay vao namoaka ny heviny ny tomponandraikitra. Ary matetika dia toy izany hatrany ny mitranga eto amin'ity firenena ity hatramin'ny niakaran'ny Ekipa Rajoelina teo amin'ny fitondrana, fomba fiasa ny fanafinafenan-javatra ary raha tsy misy mpanao gazety mikitika tsy misy resaka mivoaka. Tsy olana ho an'ny fitondrana izay haha tompon-trano mihono ny vahoaka entiny, raha tsy efa amin-javatra misy hahazoany tombontsoa sy fiarovan-tseza ao ambadika. Aoka izay ny fihatsarambelatsihy amin'ny vahoaka. Efa be loatra izay fomba namohehitra nitondrana azy izay. Maninona raha tonga dia tsorina izay tiana hotanterahina eto amin'ny firenena sy ny lalan-kizorana hahatongavana amin'izany dia anjaran'ny vahoaka sisa no mieritreritra? Zary miendrika fanatampotampohana sy fiandrasana kendry tohina no fitsipi-dalao eto ao anatin'izao fitondrana izao. Ary sanatriavina ny tsy haharaiki-tampisaka sy ho tandra vadin-koditra eo amin'ny fiainam-pirenena izany fomba ratsy izany. Tsy hahasoa ny firenena sy ny vahoaka velively izany. Vao mainka hanamafy ny tsy fifampitokisana sy hampitombo ny hantsana hanasaraka ny vahoaka sy ny fitondrana izany. Traikefa efa hita sy niainana teto izany fa tsy hoe vinavinaina akory. Raha mikiry mbola hanohy sy hanao amboletra izao fihetsika izao hatrany ny tomponandraikitra sy ny fitondrana dia efa fantatra ny ho vokany hanjo ny firenena.

**Sôh'soh**

NAHAZO FAHAFAHANA VONJIMAIKA IZY 4 MIANADAHY

## Amin'ny 16 septambra ny fitsarana ny raharaha angindimby

Niakatra tao amin'ny fampanoavana, tao amin'ny lapan'ny Fitsarana Anosy omaly, ilay raharaha angidimby nisidina tsy naka alalana tamin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny zoma lasa teo. Raharaha izay navadika ho fanelezana vaovao tsy marina, ka nitazonana tao amin'ny BC Anosy ny sabotsy sy ny alahady teo ny talen'ny kolontsaina sy ny fiainampiaraha-monina ao amin' ny CUA, Patrick Andriamisa sy ny mpanao gazetin'ny 24h Mada, Mahery. Nalaina am-bavany momba ity raharaha ity koa ny mpanao gazety isany Nadia Le Quotidien-MBS, sy ny tompon'andraikitry ny seraseran'ny CUA, Helisoa. Tao aorian'ny fiakarana tamin'ny fampanoavana omaly hariva dia fantatra fa hatao ny 16 septambra ho avy izao ny fotoam-pitsarana. Ny fahitan'ny mpanara-baovao ity raharaha ity dia fampihorohoroana ny mpanao gazety izao ataon'ny fitondrana izao, karazan'ny fampirehetana afo ihany koa anefa izany ho an'izy ireo satria andro vitsy mialohan'ny hahatongavan'ny Papa Ray Masina eto amintsika, no manao antsojay amin'ny mpampita vaovao sy ny CUA ny fitondrana Rajoelina. Maro no manambara momba ity raharaha ity, fa tsy afaka nifampiresaka mialoha tamin'ny CUA ve ny ministeran'ny fiarovam-pirenena, momba iny filazana fanazarantena amin' ny fiarovana ny Papa nataon'izy ireo tamin'ny angidimby iny. Mifanohitra amin'ny fanambarana nataon'ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy koa anefa ny nataon'ny ministeran'ny fiarovam-pirenena, ny azy dia fanamboarana ny kianjan'i Mahamasina no voalazany ny sabotsy, tao aorian'iny raharaha nitranga teny Mahamasina iny. Manaraka izany, tsy tokony hisy olana ny hanamboarana ny kianja eo Mahamasina raha toa ka misy ny fifampiresahana mialoha eo amin'ny fitondrana sy ny kaominina, sy raha toa koa ka efa mihaafaka ny fahasahiranan' ny vahoaka... Ny ppn miakatra izay tsy izy ny vidiny, ny tsy fandriampahalemana mirongatra isanandro zao, ny fiakaran'ny jirama manginy fotsiny, nefa ny délestage sy ny fahatapahan-drano koa tsy lazaina intsony, ny fakana tanin'olona etsy andaniny... Dia manoloana ireo fahasahiranan'ny vahoaka ireo ve dia ny vaha-olana mba hitan'ny fitondrana dia hoe hamboarina ny kianjan'i Mahamasina, nefa tsy mifampiresaka amin'ny mpitantana ny kianja akory izy ireo dia ny CUA. Hita fa kajikajy politika amin'ny fifidianana ben'ny tanàna indray izao ataon-dRajoelina sy ny forongony izao.




**Ny Valosoa**

STK/ FJKM

## Any Fianarantsoa ny fihaonambe nasionaly ny 9-13 oktobra 2019

Ny STK-F.J.K.M na ny Sampana Tanora Kristiana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara dia manambara fa noho ny fandaminana, manoloana ny fiovan'ny fidiran'ny mpianatra dia haroso ny 9 ka hatramin'ny 13 oktobra 2019 ho avy izao ny Fihaonambe Nasionaly hatao any Fianarantsoa. Ny anton'izany araka ny fanambarana dia betsaka ny tanora no mbola mpianatra, ka tsy ho afaka hanatrika Fihaonambe raha miroso ny fidirana. Rehefa miditra ny mpianatra dia tsy afaka indramina ny sekoly handraisana ireo mpanatrika ny Fihaonambe. Ny STK/ FJKM dia maneho fialantsiny ny amin'izay mety ho fiantraikan'izany eo amin' ny lamina mialoha efa nataon'ny S.T.K. isam-pitandremana, noho ny antony tsy miankina amin'ny foibe.



*Fianarantsoa, ho ambohipihaonan'ny tanora kristiana FJKM.*

**Isambilo**

NY TENY FIAINANA



***Romana 14:1***

*Fa raha mampalahelo ny rahalahinao ny fihinanao, dia tsy mba manaraka ny fitiavana intsony hianao. Aza ny fihinanao no animbanao azy, fa efa maty Kristy hamonjy azy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Ny gazetin'ny ministra Lalatiana no tena mpanely tsaho

**RazzaAn Andria :** fanelezana tsaho no nataon'ny gazetin'ny ministra Lalatina tamin'izy mpanao gazety, sady nandainga no nanely tsaho nefa tsy natao izao aller retour zao... Nilaza ny filohan'ny sénat Honoré Rakotomanana izy tamin'izany fa nanondinkodina tao Anosikely. Tsy azo ekena ny intimidation ataon'ny fitondrana iray manontolo. Vao tsy ela koa dia nolazain'ny gazetiny fa nanao kolikoly nanome filohan'ny ligin'ny baolina kitra 5000 euros isanisany ny filohan'ny Federasionan'ny baolina kitra vaovao Arizaka Raoul Rabekoto.

**Randriambahoaka Soanaivo Erik :** mifoha ny tahiry tsy tontan'ny ela, io ministra io tokoa no tena mpilaza vaovao manohintohina olona maro matetika.

**Nantenaina Jos Andriampaniry :** ny ministra lalatiana io tokoa dia mpanala baraka olona tamin'ny radio sy ny gazetiny. Manana ny loharanom-baovaony ny mpanao gazety matoa namoaka ireny vaovao helicopter teny Mahamasina ireny.

**Andriarimalala Radjnarison :** tena articles navoakan'ny Free news io ary nanaovan'i Lalatiana karazana fifonana sy fanekena fa diso. Mbola nisy dossier Ravatomanga izay mbola nanaovana fialan-tsiny ihany koa....

**Loïc Didiot :** mbola mamon'lem ngamba anao.

**Oleif Natiora :** santionany fotsiny raharaha nangatahiny fifonana iny. Fa raha izay natao tao amin'ny Radio Free FM izay, tena fampiadiana amin'ny alalan'ny lainga...! An'Andriamanitra ny famaliana .

**Andry Rama :** ka rehefa zareo nge dia voromanga e... rehefa isika dia vorondolo.

**Tsiory Nirina Henintsoa Rasolofomanana :** tongava aty Ra sahy e..

**Noro Hanitra Ranaivoson :** i anjely Lalatiana kosa no nanao an'io e!

TONONKALO

## Miandry an`iza ho avy indray ?

Miandry an`iza ho avy indray vao mety hisy fanamboarana ?
Tsisy rano eto aminay efa nandritry ny hefarana !
Nefa fantatra mazava fa ny rano anie dia "aina".
Saingy ho anareo mpandrava , angaha `nareo mba miasa saina !

Miandry an`iza ho avy indray vao hohatsaraina ny tanàna ?
Handalo ilay nandrasanay , handalo koa ve ny hafanana ?
Seho ivelany hatrany izay rehetra mba natao,
F`izany foana , izany ihany ny anareo hatramin`izao ?

Miandry an`iza ho avy indray vao hihetsika ny lamasinina ?
Sa hofaizina izahay ka angidimby no ampanidinina ?
Dia enjehina daholo ireo rehetra manakiana.
Tena hoe vonoina lolo sy iniana ampahoriana ?

Miandry an`iza ho avy indray vao mety hilamina ny tany ?
Ny voalaza taminay dia hoe tsy ho ela intsony izany.
Kanjo indrisy , mahonena, hafa no mahazo laka.
Potika ny firenena , jiolahy no toa manjaka !

**DADAN`i ZINA (02-09-19)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny lanonana fanolorana loka ho an'ireo nahavita tetikasa mendrika miantraika amin'ny vahoaka, natao teny amin'ny CDA Andohatapenaka, fiaraha-miasan'ny CDA sy ny CUA.**









AMBOHIJANAKA ATSIMONDRANO

## Mitsangana ny lisea vaovao herimpon'ny kaominina madiodio

Tontosa soa amantsara ny foto-drafitrasa fanangganana lisea vaovao ao amin'ny kaominina Ambohijanaka distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Tonga nitokana ny lisea ny zoma teo, ny solombavambahoaka Alain Ratsimbazafy, izay ben'ny tanàna teo aloha. Volan'ny kaominina madiodio no nanangganana ny foto-drafitrasa, tamin'ny alalan'ny hetra sy haba voaray tao anaty taona iray sy tapany teo. Mitentina eo amin'ny 152 tapitrisa ariary eo no nanatontosana ny lisea, izay miisa efitra enina. Mbola misy ny mpampianatra FRAM ao anatin'ny kaominina Ambohijanaka, izay mbola miantsoroka ny lany rehetra momba azy ireo. Efa natao ny fangatahana eo anivon'ny ministeran'ny fanabeazampirenena handraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana. Fanamby napetraky ny depiote Alain Ratsimbazafy fony izy mbola ben'ny tanànan'Ambohijanaka ny fanangganana lisea ho an'ny mponina tao amin'ny kaominina notantaniny. Ankehitriny tanteraka izany ary ny vahoaka rehetra eran'ny kaominina no misitraka azy. "Izao no anaporofoina fa rehefa miray hina ny olon-drehetra dia mahavita manangana foto-drafitrasa sy mampandroso ny tanàna", hoy ny depiote Alain Ratsimbazafy, voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM).

*Isambilo*




*Ny lycée vao vita ao amin'ny kaominina Ambohijanaka.*

# Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy anamamy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao rony izany, azo atao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

# NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fomba fanaovana mayonnaise betsaka sy vetivety dia vita

Fomba fanaovana mayonnaise betsaka indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mayonnaise tapaky ny zinga tsy mila atody, vetivety dia vita. Tsy makarary kibo. Matsiro. Ho an'ireo be vahiny, mpivarotra frites, composé, sandwich, sns, .... mety daholo.
Ronono 1/2 vera (masaka, efa mangatsiaka),
Menaka 1 vera (menaka tsy mandry),
voasarimakirana 1/2 (ranony 1 sotro kely no ilaina eto),
Vinaigre 1 sotro lehibe,
Poivre 1/2 sotro kely,
Tongolo gasy hasiny 2,
Sira izay tiana,
Miara-arotsaka ao anaty mixeur ireo rehetra ireo, dia ahodina mandritra ny 3 ka hatramin'ny 5 minitra dia vita ny mayonnaise.



# NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'Ankililaoke distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'Ankililaoke distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity kaominina ity. Iva toerana izany tanàna izany satria 86 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny haninkotrana isan-karazany. Mpiompy ihany koa ny mponina any an-toerana, mpiompy ondry sy osy ary omby.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 148), Madagasikara 31 aogositra 2019

***Efesiana 1: 13 "Ao aminy koa hianareo, rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsara famonjena anareo,- eny, ao aminy koa hianareo, rehefa nino, no nasiana tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana."***

Fantatro JEHOVAH fa sarotra aminareo olombelona io atao hoe "FANAHY MASINA" io. Eny izay mino ny momba AHY ihany no afaka mino sy mandray io FANAHY MASINA io. Ny zava-doza dia ity: rehefa tsy manana io FANAHY MASINA io ny olona na tsy mino AZY koa dia saina amin'ny maha-olona azy no miasa sy arahiny ary ekeny amin'ny fiainany manokana, tsy vitan'izany fa mampidi-doza ny hafa indrindra manakorontana fiaraha-monina sy manimba hatrany am-piangonana sy ny asa fanompoana an'i JESOSY, izany dia miafara amin'ny tsy finoana AHY JEHOVAH. Ny FANAHY MASINA tsy hoe samborimborina na andrakandramana sy alailaina tahaka fa TOMBO-KASE ao anaty io ka manao ny asany malalaka. IZY no nomena hanatanteraka ny asan'ny fahatanterahana ny TENY FIKASANA ao amin'ny olona, eo amin'ny Fiangonana sy ny fanompoana an'i JESOSY, eo amin'ny firenena, eo amin'ny tany izay nohariako. ***Efesiana 1: 14*** *"Izany Fanahy izany no santatry ny lovantsika ho amin'ny fanavotana ny olona izay nahiny ho an'ny tenany, ho fiderana ny voninahiny."* Ny ankamaroan'ny olona dia tsy mahalala ny antompisian'io FANAHY MASINA io ka dia manamaivana izany sy tsy mihevitra AZY koa. Tsy manome tsiny AHO JEHOVAH fa mampianatra anareo kosa. Ahoana ary no hananana AZY io raha tokony samy hitoerany avokoa ny olona tsirairay. Tsotra! Tena tsotra! Ivereno vakio ny fampianarana mikasika ny BATISA DIMY, ***Hafatra GV 62 hatramin'ny GV 96***. Fa izay tena mibebaka ihany no itoerany sy anjakany. Teo aloha dia nisy vavaka nampianariko anareo, iny dia nataoko ho an'ireo olona efa ao anaty FANOMPOANA an'i JESOSY. Fa misy koa ny vavaka azon'ny rehetra atao, ho an'ireo rehetra izay tehandroso ka te-hiova ho vaovao, tehiala amin'ny toetra ratsy, ireo izay rehetra mahatsapa fa toa resy, kivy, leo amin'ny fiainana, mamoy fo nohon'ny zava-misy atrehiny, misy aza ny te-ho faty mihitsy. Matetika dia tsy fantatrareo akory ny fivavakareo hoe raisin'iza, eken'iza? Miantefa amin'iza? ***Jaona 4: 22*** *"Hianareo mivavaka amin'izay tsy fantatrareo; izahay kosa mivavaka amin'izay fantatray, satria avy amin'ny Jiosy ny famonjena."* Izao no tiako ambara aminareo olombelona, tsy maintsy misy izay iantefan'ny hataka atao: raha hoy hianareo hoe omeo vary aho, omeo rano aho, tsy misy anarana tononina, moa misy hanome ve? Fantaro izay angatahanao, tonony ny anarany. Betsaka no lazain'ny olona ka antsoiny hoe "andriamanitra", olona toa anareo ihany, ao ny efa maty, ao ny mbola velona, ao koa ireo asan'ny tanako, ao ireo karazana fanahy misehoseho etsy sy eroa ambониana sy andrianina, omena toerana, ampanjakaina, ao ireo sampy maro isan-karazany. IZAHO dia te-hahita anao mihitsy manonona ny ANARAKO hoe JEHOVAH. Vakio ny Baibolinareo fa IZAHO daholo no nantsoin'ireo olona voasoratra rehetra tao. Fa saingy indrisy ankehitriny ovainareo izany. Izao no ambarako aminareo AZA MAHASAHISAHY FOANA IZANY. Rehefa tonga ny fotoana hanovako izao rehetra izao dia izao no tsarovy: averiko ny taloha ary tsy maintsy ho tokana avokoa. ***Apokalypsy 21: 5*** *"Ary hoy Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana: Indro, havaoziko ny zavatra rehetra. Ary hoy koa Izy: Soraty; fa mahatoky sy marina ireo teny ireo."* Fa aza maika izany hianareo fa amin'ny fotoanany ny zavadrehetra. Aza variana miady hevitra sy mifampiampanga intsony fa hianareo anie ka ho tsaraiko e! Hianareo ve mahalala ny fomba fitsaràko ka sahy miteny hoe : "very hianao, any amin'ny helo hianao". Izay miteny izany indrindra no ho very satria maka ny TOERAKO JEHOVAH sy manao tsinontsinona ilay nomenay FAHEFANA. Mibebaha raha toa ka efa niteny toy izany hianareo na hianao manokana fa ny miteny toy izany no tena mahavery. Raha hivavaka AMIKO ary hianao dia izao: tonony ny ANARAKO hahitako anao. "JEHOVAH ô!". Azo atao tsara koa ny mangataka. Rehefa nomena anareo JESOSY dia tonony ny ANARANY fa tsy maintsy mandalo eo AMINY ny TONOM-BAVAKA rehetra izay vao ampitainy AMIKO. Rehefa ekeko dia miverina eo AMINY ary IZY indray no maniraka ny FANAHY MASINA. ***Jaona 14: 13-17*** *"Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra Amiko amin'ny anarako hianareo, dia hataoko izany. Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko. Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo."* Ny FANAHY MASINA rehefa eo aminareo dia tokony tsy hiala fa mitoetra mandrakizay. Miala kosa anefa IZY rehefa tsy omena toerana ary indrindra anie ka eo aminao IZY ao anatinao kanefa indro hianao fa manota dia miala IZY, lasa IZY. Tandremo fa hianareo Ilay Tempoly itoerany, anjakany, iasany, irahiny, tarihiny (Tempolin'ny FANAHY MASINA). Tohin'ireo Asanay dia tsy misaraka amin'ny anjely ny FANAHY MASINA, fiaraha-miasa izany ary tsy miova. Tadidio ny fiainanao fa na dia hianao mamaky izao HAFATRA izao aza dia efa misy fiasan'ny anjely sy ny FANAHY MASINA. Indro ary omeko anao indray, inona avy no azo angatahina raha mivavaka hianao ary ny zavamiafina rehetra ao anatin'izany rehetra izany. ***Romana 7: 6*** *"Fa ankehitriny dia efa afaka tamin'ny lalàna isika, satria maty ny amin'izay nihazonana antsika, ka dia manompo amin'ny havaozampanahy isika, fa tsy amin'ny hahelantsoratra."*

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

FINOANA

# Fantaro ny momba ny Papa François

*Afaka 3 andro sisa dia higadona eto amintsika ny Papa Ray Masina François, fantaro ary, iza marina moa ity dimbin'i Masindahy Piera ity, izay filohan'ny Eglizy Katolika Apostolika Romana manerantany amin'izao fotoana.*



Ny Papa amin'izao fotoana dia teratany avy any Arzantina, Jeorge Mario Bergoglio no tena anarany, izy dia nifidy ny anarana hoe François . Jorge Mario Bergoglio Zezoita, avy any Arzantina, 76 taona, Arsevekan'i Buenos Aires no Papa amerikana voalohany. Endrika iray nisongadina ho an'ny kaontinanta iray manontolo izy ary Mpiandry ondry tsotra sy tena mamy hoditra tao amin'ny dioseziny, izay tapitra voatsidiny na tamin'ny metro na tamin'ny fiarambahoaka, nandritra ny dimy ambinifolo taona nanatanterahany ny asa fanompoana maha Eveka azy tao. Teraka tao andrenivohitr'i Arzantina izy tamin'ny 17 Desambra 1936, ary zanaka mpifindra monina italianina avy any Piemonte. Ny rainy Mario dia mpikajy vola na "comptable", mpiasan'ny lalamby. Mpikarakara tokantrano kosa i Regina Sivori reniny ary misahana ny fanabeazana ireo zanany dimy. Taorian'ny nahazoany ny diploma maha-teknisianina amin'ny simia, dia nifidy ny lalana maha-pretra izy ka niditra tao amin'ny semineran'ny diosezin'i Villa Devoto. Nifindra tany amin'ny Novisià-n'ny Fikambanan-drelijiozy Zezoita ny tenany tamin'ny 11 Martsa 1958. Namita ny fianarany momba ny literatiora tany Chili izy, ary tamin'ny 1963 dia niverina indray tany Arzantina rehefa nahazo ny mari-pahaizana "maîtrise" tamin' ny filozofia tao amin'ny Kolejy St Joseph ao San Miguel. Teo anelanelan'ny 1964 sy 1965, mpampianatra literatiora sy psikolojia tao amin'ny College de l'Immaculée de Santa Fé ny lehilahy. Mbola ireo taranja ireo ihany koa no nampianariny tao amin'ny "College of the Savior" tao Buenos Aires ny taona 1966. Nanomboka tamin' ny 1967 ka hatramin'ny 1970 izy dia nianatra teolojia ary nahazo ny maripahaizana "maîtrise" tao amin'ny Kolejy St. Joseph ihany. Tamin'ny 13 desambra 1969 no nanamasinan'ny Arseveka Ramón José Castellano azy ho pretra. Teo anelanelan'ny taona 1970 sy 1971 no nanohizany ny fiomanany tany Alcalà de Henares, Espana. Ny 22 Aprily 1973 no nanaovany ny voady mandrakizay maha zezoita azy. Nony tafaverina tao Arzantina indray izy dia lasa Mpiandraikitra ny novisy tao amin'ny Villa Barilari ao San Miguel, nampianatra tao amin'ny sampampampianarana teolojia ihany koa izy ary filan-kevitry ny provensan'ny Fikambanan'i Jesoa sady Rektoran'ny Kôlejy.
Voatendry ho Provinsialin'ny Fikambanana Zezoita tao Arzantina izy ny 31 jolay 1973, andraikitra izay niantsorohany nandritra ny 6 taona. Avy eo izy nanohy indray ny asany tany amin'ny sehatry ny fampianarana ambony. Teo anelanelan'ny taona 1980 sy 1986, izy no talen'ny Kolejy St Joseph, ary nitantana Paroasy tao San Miguel. Ny volana Martsa 1986 no nandehanany tany Alemana hanatanteraka ny toha-keviny ahazoany ny mari-pahaizana doctorat. Taorian'izay dia izy dia voatendren'ny lehibeny ho mpitantana am-panahy sy mpampikonfesy tao amin'ny Collège du Sauveur ao Buenos Aires sy tao amin'ny Eglizin'ny Zezoita tao amin'ny vohitr'i Cordoba.

Ny Kardinaly Antonio Quarracino tao Buenos Aires mihintsy no niantso azy ho mpiara-miasa akaiky aminy. Noho izany, notendren'i Papa Joany Paoly II ho Eveka tompon-toerana tao Auca sy Eveka mpanampy tao Buenos Aires izy ny 20 mey 1992. Ny 27 jona no nanamasinan'ny Kardinaly azy ho eveka. Nosafidiany ho teny faneva ny hoe "Miserando atque eligendo" na "Voafidy fa namindrana fo") ary nametraka amin'ny blason ny fanafohizan-teny manambara an'i Kristy hoe IHS, sady famantarana ny fikambanana Zezoita
Tao amin'ny gazety paroasialy kely iray antsoina hoe "Estrellita de Belém" no nanaovany ny dinidinika voalohany ami'ny maha Eveka azy. Voatendry avy hatrany ho Vikera Episkopaly tao amin'ny faritr'i Flores izy, ary ny 21 desambra 1993 no nandraisany ny andraikitra maha Vikera jeneralin'ny ny Arsidiosezy. Tsy mahagaga arak'izany raha nisondrotra ho "Arseveka mpisolo toerana" tao Buenos Aires izy ny 3 jona 1997. Sivy volana latsaka taty aoriana, nodimandry ny Kardinaly Quarracino ka voatendry handimby azy ny tenany ny 28 febroary 1998, mba ho Arseveka loha-laharana ao Arzantina ary mpiandraikitra ireo mpino mpandala ny fomba tantsinana niely eran'i Arzantina izay mazana mbola tsy afaka nanaraka fombam-pivavahany manokana. Telo taona taty aoriana, ny 21 Febroary 2001 nandritra ny Konsistoara no nanangananan'ny Papa Joany Paoly II azy ho Kardinaly, ary nanomezany azy ny paroasin'i Saint Roberto Bellarmino. Nanentana ireo mpino izy tsy handany vola hankany Roma mba hankalaza ny maha kardinaly azy fa hanome kosa ny vola voaomana ho amin'izany ho an'ny mahantra. "Grand Chancelier" an'ny Oniversite Katolikan'ny Arzantina ny tenany, ary nanoratra boky maro toy ny : Meditaciones para religiosos (1982), Reflexiones sobre la vida apostolica (1986), Reflexiones de esperanza (1992). Tamin'ny Oktobra 2001, izy no voatendry ho mpampiaka-teny lefitra nandritra ny Fivoriam-be faha-folon'ny Sinaodan'ny Eveka nandinihana momba ny "Asa fanompoana maha-Eveka". Andraikitra izay napetraka taminy tamin'ny fotoana farany hisolo toerana ny Kardinaly Edward Michael Egan, Arsevekan'i New York, tokony hanao io andraikitra io nefa voatery nijanona tany amin'ny fireneny noho ny raharaha fampihorohoroana nitranga tany Amerika ny 11 Septambra. Talohan'ny naha-voafidy azy ho Papa, ny tenany dia mpikambana tao amin'ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fombam-pivavahana sy ny fitsipiky ny Sakramenta, Sampandraharaha miandraikitra ny pretra, Sampandraharaha miandraikitra ny "Fiainana voatokana" sy ny "fivondronam-piainana apostôlika", ny Filan-kevitra pôntifikaly momba ny fianakaviana sy ny Vaomiera pôntifikaly momba an'i Amerika Latinina.

***Nangonin'Isambilo***

VAKINANKARATRA

## Tonga any an-toerana ireo fitaovam-piadiana vaovao

Tonga any Vakinankaratra amin'izao fotoana ireo fitaovam-piadiana vaovao ho an'ny zandarimariam-pirenena. Basy karazany maro, bala sy grenade vaovao, manaraka ny fivoarana misy amin'izao fotoana izao no tonga any amin'ny Groupement Gendarmerie any Vakinankaratra. Tsy mikely soroka ny zandary any Vakinankaratra mba hamerenana indray ny fahatokisan'ny vahoaka sy hampihenana ny tsy fandriampahalemana ao anatin'ny faritra.



*Ireo fitaovam-piadiana vaovao ampiasain'ny zandary any Vakinankaratra.*

Koa nentina nanatanteraka ny toromariky ny minisitry ny foloalindahy sy ny sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimaria ary ny lehiben'ny faripiadidiam-paritanin'ny zandarimaria Antananarivo, ary hoentina hahaizana mifehy ireo fitaovana vaovao, nanao fanazaran-tena sy fahaizana mampiasa ireo basy sy fitaovana vao azo ireo ny zandary tany Vakinankaratra.

Tsotra sady mahery vaika ireo fitaovana ireo ary ho ampiasaina mba hanoherana ireo malaso sy olondratsy ao anatin'ny faritra Vakinankaratra sy ny manodidina azy.

***Ny Valosoa***

Polisim-pirenena

## Nampahafantarina ireo sefo fokotany ny Rafitra fisorohana ny herisetra

Ny herisetra amin'ny tokantrano sy ny herisetra mahazo ny ankizy izay miseho amin'ny alalan'ny vono sy fikasihan-tanana ary ny fanararaotana aranofo no betsaka mitranga eo anivon'ny fiaraha-monina eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Mba hahafahana misoroka izany dia nanentana an'ireo Sefo Fokontany miisa 192 eto Antananarivo Renivohitra ny Sampan-draharaha misahana ny Filaminam-bahoaka, mba hametraka rafitra maty paika ho fisorohana mialoha ny trangana herisetra eny anivon'ny fiaraha-monina. Notanterahina ny zoma teo tetsy amin'ny Lapan' ny Kolontsaina sy ny Fanatanjahantena Mahamasina ny fiatombohan'ny fiaraha- miasa eo amin'ny Polisim-pirenana sy ny Filohan'ny Fokontany noho ity farany rafitra fototra iray eny anivon'ny fiaraha-monina afaka manara-maso ny olona iharan'ny herisetra. Nilaza ny Kaomisera Divisionera Randriambelo Ny Aina, mpiandraikitra ny ady amin'ny herisetra sy ny fitovian'ny Lahy sy ny Vehivavy eo anivon'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka, fa ny Sefo Fokontany ihany no afaka manentana sy mampahafantatra ny olona ireo fepetra tokony hatao manoloana ny ady amin'ny herisetra. Nanohy nanazava ity Tompon'andraikitra ity fa ny Filohan'ny Fokontany ihany no mandray ny fitorohana (signalement) sy ny fitarainana avy amin'ny Fiaraha-monina ny amin' ny fisian'ny herisetra, avy eo mametraka izany fitarainana izany eo anivon'ny Sampan-draharaha misahana ny fikarohana sy ny fanadihadiana ny fisian'ny herisetra (Police de Moeurs et de Protection Social). Ary farany ny Filohan'ny Fokontany no mampahafantatra ny Polisy mikasika ireo toerana ahitana an'ireo fandikan-dalàna toy ny Karaoke; Bar; toerana fivarotan-tena sy ny sisa… Ny fampahafantarana ny Vehivavy sy ny Lehilahy, fa ny olombelona rehetra dia mitovy avokoa amin'ny fisitrahana ny zony ary tokony samy hahazo ny tombontsoa amin'ny fandraisana andraikitra eo anivon'ny Firenena.




*Hiara miasa ny Polisim-pirenena sy ny Sefo Fokontany amin'ny fisorohana ny herisetra eto Antananarivo Renivohitra.*

***Franck Razakambelo***

Ady amin'ny halatra omby

## Ny dinabe Atsimo Andrefana no hiandraikitra ny fanavahana omby

Ho tohin'ny fivoriana notarihin'Andriamatoa Ntsay Christian, Praiminisitra sady Lehiben'ny Governemanta ny herinandro teo, tao amin'ny Lapan'ny Faritra Atsimo Andrefana, tany Toliara, izay nanapahany hevitra fa ajanona avy hatrany ny fanapahan-kevitry ny "Vaomieran'ny famerenan'omby" amin'ny tompony, fa ampandalovina amin'ny Dinam-piaraha-monina any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana, antsoina hoe "Dina Be Atsimo Andrefana" ny raharaha fanavahana, raha misy omby halatra tafiditra ao amin'ny ombin'i Jaonary. Marihina fa 1363 ny isan'ny omby tratran'ireo miaramila mpampandry tany ao amin'ny ZRPS Alpha, izay tarihin'ny Jeneraly Andriamasimanana William Michel tamin'ny kizo roa tao Sakoazato (omby 577) sy Maharihy (omby 786). Rehefa lasa ireo delegasiôna notarihin'ny Praiminisitra dia niroso avy hatrany tamin'ny asa fanomanana ny fanatanterahana io Dina Be io ny tompon'andraikitra rehetra tany an-toerana izay voakasik'izany. Notapahina tamin'izany fa ho tapitra ny alakamisy faha 5 septambra 2019 izao ny fanaterana ireo antontan-taratasy mikasika ny omby very ho an'ireo Mpiantoka. Ny alakamisy faha-12 septambra 2019 ho avy izao kosa ny andro hanombohana ny Fanavahana. Manentana ireo mpiompy rehetra hiantoka ny ombiny izany, mba hanatitra ny antontan-taratasy rehetra mifandraika amin'izany eny amin'ny biraon'ny Faritra, biraon'ny Distrika, biraon'ny Kaominina alohan'ireo daty voatondro etsy ambony. Marihina etoana fa dia eo ampelatanan'ny Dina Be Atsimo Andrefana tanteraka ny raharaha, fa ny mpitandro filaminana kosa dia hiambina sy hiaro mandritra ny fanatanterahana izany fanavahana izany ao amin'ny kaominina Antanimieva, izay ny toerana voatondro hanaovana ny fanavahana ny alakamisy faha-12 septambra 2019 ho avy izao.



*Fanavahana omby natao tany Atsimo Andrefana.*

***Ny Valosoa***

Volley-ball jeunes Analamanga

## Voahosotra ho tompon-daka ny GNVB cadet sy benjamin

Voahosotra ho tompon-dakan'ny ligin'Analamanga ny ekipan'ny GNVB (Gendarmerie Nationale Voley-ball) teo amin'ny sokajy cadet sy benjamin, tamin'ny fifaninanana antsoina hoe : volley-ball des Jeunes. Vokadalao tamin'izany : teo amin'ny ankatoky ny famaranana
- BENJAMINES vehivavy :
BI'AS (2) vs GNVB (0) (25-10/25-4)
- CADETTES vehivavy :
- GNVB (3) vs CCVB (2) (25-15/25-15/21-25/23-25/15-13).
Teo amin'ny lalao famaranana :
-BENJAMINS lehilahy :
GNVB (2) vs ASI (1) (26-24/24-26/16-14).
-CADETS lehilahy :
GNVB (3) vs 3FVB (0) (25-23/25-16/25-14).
Nanotrona ny lalao teny amin'ny kianja mitafon'Akorondrano ny Jeneraly Komandin'ny Zandarimaria.

***Lita***



*Ekipa Benjamins lehilahy GNVB miaraka amin'i Léa Raharimalala, Présidente Ligue Analamanga.*

A.S.I.E.F 2019 Vakinankaratra

## Norombahin'ny Gendarmerie Nationale ny amboaran'ny Volley sy Basket ball

Teo amin'ny fanatanjahantena eo anivon'ireo mpiasam-panjakana: amin'ny andrim-panjakana sy ministera na ASIEF, norombahan'ny Gendarmeria Nationale ny amboara tany Vakinankaratra teo amin'ny taranjampanatanjahantena volley sy basket-ball. Toy izao ny vokatra:
Volley-ball: lalao voalohany: GN # DRICA Sets 03 # 01; lalao faha-2: seta 03 # 00.
Basketball: GN 72 # 65 JIRAMA.
Nivoaka mpandresy kosa ny Acmil Antsirabe raha nifanandrina tamin'ny Gendarmerie ihany, tamin'ny taranja roa dia ny baolina kitra 2 # 1 sy ny pétanque 13 # 7.
Hatreto dia mbola tsapa hatrany ny fifehezan'ny ekipan'ny Ravinala, n any zandary, ny lalao Basketball sy ny Volley ball.
Any Antsiranana indray ny fotoana manaraka amin'ny ASIEF, fifaninanam-pirenena.

***Lita***



*Ny ekipan'ny zandary, nahazo ny amboaran'ny ASIEF tany Vakinankaratra.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**31/08/19 hatramin'ny 07/09/19**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 948-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ZARIDAINA ANTANINARENINA

## Nandray ny hetsika Foara Kanton'i Gasikara

Trano heva maherin'ny 40 ahitana an'ireo kalitaon'ny asa tanana Malagasy sy ny sangan'asan'ireo mpanao asa tanana toy ny fitaovana sy entana ilaina amin'ny fiainana andavan'andro : toy ny fitafy; ireo sary sokitra sy sary hosodoko mampiavaka ny Malagasy sy ny sisa no naseho teo amin'ny zaridainan'Antaninarenina… Hetsika ara-barotra sy fampirantina nokarakarain'ny Ministeran'ny Varotra sy ny asa Tanana miara miasa amin'ny ORTANA (Ofisim-paritrin'ny fizahan-tany eto Analamanga), nanomboka ny 28 Aogositra 2019 ka hatramin'ny 31 Aogositra 2019 teo. Nilaza Ramatoa Ratrimosoa Stephanie mpikarakara ny Foara fa ny fisehoan'ireo Mpanao asa Tanana mikasika ny zaridaina avy any ambanivohitra no nampiavaka an'ity hetsika kanton'i Gasikara andiany faharoa ity, teo ihany koa ny fampisehoana ny talentan' ireo Artista Malagasy amin'ny alalan'ny fitendrena Valiha. Nisy ihany koa ireo fikambanan'ny



*Foaran'ny asa tanana Malagasy etsy amin'ny Zaridaina Antaninarenina.*

tanora manamboatra fitaovana vita avy amin'ny taratasy sy ny fifaninanana kalitaon'ny asa tanana; ny endrika amambika nataon'ireo Trano heva tsirairay. Ny fampiroboroboana ny asa Tanana Malagasy sy fanomezana sehatra an'ireo Mpanao asa Tanana manan-talenta eto an-toerana no tanjona tamin'ity hetsika ity hoy ny Mpikarakara. Mpitsidika maherin'ny 2000 isan'andro no nandrasana nandritra ny Foaran'ny Kanton'i Gasikara andiany faharoa ity.

***Franck Razakambelo***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ho an'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Tonga izao ny fotoana isintonana ny lakilosy. Efa mihoatra ny fefy ny ataon'izao fitondrana izao. ny lem tsy hita zay mandeha fa ny asa nataon'ny fitondrana teo aloha ihany no mbola mandeha amin'izao. Mila mijoro ny malagasy. Vaovao kely ao anaty facebook ve no ampiantsoana mpanao gazety eny amin'ny polisy sy hitazonana azy ireo amin'ny andro alahady. Mankasitraka anao Andry Rajoelina fa tafita aty amin'ny vahoaka ny hafatra dia handinika amin'izay izahay. Kobaka ambava daholo kay ireny fampielezan-kevitra ireny, fa voaporofo tokoa izao fa DJ mpanao jadona ianao, tsy misy tokoa mpanongam-panjakana hiova izany, matahotra ny tody tsy misy fa ny atao no miverina dia miaro mafy ny sezany amin'ny fomba rehetra Rajoelina. Satria mpanongam-panjakana izy dia mbola mety hiverina aminy izay fanonganana izay, eo isika mahita izy!

***Bertrand Ravintsara***
***Lot...... Tanambao V, Toamasina***

Hanitra sy laron-tsakafo

## Mamokatra sesame ny «Ferme Aina»

Miroborobo fatratra tokoa amin'izao fotoana ny orinasa kely madinika eto amintsika. Anisan'izany ny orinasa mpamokatra hanitra sy laron-tsakafo sesame dia ny orinasa Ferme Aina izany. Nisy ny foara ho an'ny asa tanana isan-karazany tetsy amin'ny zaridainan'Antaninarenina ny herinandro teo. Tsy mitsahatra ny manome ny soa sy ny tsara ho n'ny mpanjifa malagasy sy vahiny izany tsenabe izany, ka manatsara hatrany ireo vokatra hoentiny. Anisan'izany ny vokatsoa ho entin'ny Sesame, izay vokarin'ny orinasa "Ferme Aina". Nanomboka tamin'ny taona 2011 no nikarohany sy namokarany ity hanitra sy laron-tsakafo ara-pahasalamana ity. Marobe ireo zava-tsoa azo avy aminy, raha tsy hiteny fotsiny ny fiarovana ireo aretina maro samihafa toy ny tosi-drà, ny homamiadana sy ny hafa… Azo atao sakafo ihany izy ity, afaka ampiarahina amin'ny sosoa maraina ihany koa; ary misy vitamine E. Marihina fa mandalo fitsirihana amin'ny ministeran'ny fahasalamana ny Sesame. Tahini dia anisan'ny vokatra vaovao vokarin'ny "Ferme Aina".

***Aly***





*Ireo karazana vokatra ara-tsakafo vokarin'ny Ferme Aina.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 291**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0290)

***Mitsivalana***
- Hantsana
- Rava (Miv) - Lo
- Rehareha
- Alina - OM
- Tato
- Androy
- Ao - Toy (Miv)

***Mitsangana***
- Haratra
- Avela
- Nahita
- Tranony
- Rà - Do
- Ela (Miv) - Tra (Miv)
- Noho
- Ampio

### TENY MIFANARAKA N° 291




**Mitsivalana**

**1.** Firaisam-pitiavana **2.** Nivolana (Miv) - Mpanondro toerana **3.** Fambolena **4.** Mitokan-tena (Miv) - Naoty **5.** Azo amin'ny fery sy ratra - Renintsoratra roa samy hafa - Nahitàna masoandro (Miv) **6.** Fototenin'ny fitiavana - Faranteny **7.** Hanavotra - Aretina (Miv) **8.** Hita amin'ny olombelona (Miv) **9.** Nahiahiana **10.** Ambony tsy takatra - Safotra (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Fitalahoana amin'ny Tompo **B.** Fanontaniana - Foto-tsakafo (Miv) **D.** Renesina - Fy **E.** Tontosa (Miv) - Isa **F.** Fadinjanaka - Mariky ny ho avy **G.** Zaza tsy ampy taona - Kianteny (Miv) **H.** Tovona mpanao (Miv) - Isa mitovy amin'ny atody **I.** Famintinana ny vola ariary **J.** Nafolaka - Kianteny **K.** Ao amin'ny Hao - Taranja fampianarana (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0290

**Mitsivalana**

1. Fiarakodia 2. Nono 3. Rotaka 4. Adi - Onja 5. Tazana 6. Raisin(a) 7. Noa - Ait (Tia) 8. OM - Lanitra 9. Eri (Ery) - IV - (L)eo 10. Tonankalo

**Mitsangana**

A- Fararano B. OD (Do) - Omeo D. Antitra - RN E. Roa - AA - Lio F. Ankizi(y) G. Koa - Asanik (Kinasa) H. Oni(y) - Iva I. Ananat (Tanàna) J. In - Ireo K. Kolitao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ireo mpanao gazety, olom-bofidy, ny filohan'ny holafitra, namana, nanohana ny talen'ny CUA Patrick Andriamisa, Mahery 24h Mada ary Nadia Le Quotidien-MBS ny faran'ny herinandro teo, tetsy amin'ny polisy BC Anosy, momba ny raharaha angidimby niditra an-tery tetsy Mahamasina.









Nadia, Helisoa, ny talen'ny CUA Patrick, ary Mahery tetsy amin'ny fitsarana Anosy omaly, momba ny raharaha helikoptera tetsy Mahamasina.





Asa fanadiovana mitohy ataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA).

